



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-181

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-008-2021/PR "PORTANT CREATION D'UNE COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LA FLAMBEE DES PRIX DES PRODUITS DE PREMIERE NECESSITE (PPN) ET DES MATERIAUX DE CONSTRUCTION DANS LA REGION SUD-OUEST», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA IDEALSON, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'AMPANIHY ANDREFANA SY NY NAMANY

Fivoriana Faha-23
Natao ny
Alatsinainy 13 Desambra 2021
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alatsinainy 13 Desambra 2021, tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-008-2021/PR "portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la région Sud-Ouest», natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana sy ireo namany.

Nitohy ny Alatsinainy 13 Desambra 2021, tamin'ny 5 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe handinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-008-2021/PR "portant création d'une commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la région Sud-Ouest» natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny distrikan'Ampanihy Andrefana sy ireo namany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Varotra sy ny Fanjifana, ny tenany, hamaky ny tatitra.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alakamisy faha-9 Desambra 2021 tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Varotra sy Fanjifana sy ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-n°008-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la flambée des Prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la Région Sud-Ouest» izay natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao Ampanihy Andrefana sy ireo namany.

Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy Fanjifana no nitarika ny fivoriana.

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Varotra sy Fanjifana tonga nanatrika ny fivoriana; Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- RATSIMANDRIONA Aida Hardy
- RASOAVA RAKOTOARISOA Rija Jean

Ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Industria sy ny Fampanandrosoana ny Sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana ary ny Orinasa Madinika sy Salantsalany tonga nivory;

- RANDRIAMISA Nicolas David

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory:

Andriamatoa isany:

- RAMAROSON Bonaventure
- IDEALSON

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta Andriamatoa isany:

- RAMANANARIVO A. Heriniaina SG/MICC
- RANDRIAMANANJARA Andrianiaina DG/MICC
- RADRIAMIARAMAHEFA Andrianiaina DCI

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa IDEALSON isan'ny mpanolotra ity Tolo-pehin-kevitra ity ny fitenenana.

Tamin'izany no nilazany fa noho ny fiovaovan'ny vidim-bary izay nolazain'ny mpandraharaha anankiray any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana no nanaitra azy ka nanosika azy hanao ity Tolo-pehin-kevitra ity. Araka ny fanambaran'ny mpandraharaha, raha alaina mora ny vidim-bary eny am-potony dia hita fa misy fidangany be izany isaky ny mpivarotra madinika. Tsy vitan'izany fa misy ihany koa ireo manao "monopolisation" ny entana ka mahatonga ny tsy fitovian'ny vidiny eny an-tsena. Tsy ny vary ihany anefa no iharan'izany fa eo koa ireo fitaovana fanamboarana trano, toy ny simenitra.

Amin'ny maha Solombavambahoaka azy dia mitondra ny fitarainany sy hetahetany izy mba hanatanterahana ny fanadihadiana mikasika izany. Tsy ny faritra Atsimo Andrefana ihany anefa no voakasiky ny fiakaranan'ity vidin'entana ity, fa saika mitovitovy eran'i Madagasikara saingy any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana aloha no hanombohana ny asa fanadihadiana. Ny tanjona amin'izany dia ny hahafantaran'ny mpanjifa ny tena vidin'entana tokony hojifaina ka ilana ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy ny Fanjifana .

Nanambara ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Varotra sy Fanjifana, fa tsy mitovy tokoa ny vidin'entana eny an-tsena sy manerana an'i Madagasikara ary tsy manana olana izy ireo amin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana ataon'ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita izany, niroso tamin'ny fanapahan-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny voalaza ao anatin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Varotra sy Fanjifana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-n°008-2021/PR «portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction dans la Région Sud-Ouest» izay natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao Ampanihy Andrefana sy ireo Solombavambahoaka namany ka hoentina eny amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 2 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Ramatoa Filoha, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana izany ny mpivory, ka avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana momba ny tatitra ny mpivory, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra mba ahafahany manazava bebe kokoa momba izany.

Nambaran'Andriamatoa IDEALSON, fa ny vidin'ny entana miala any amin'ny Fadintseranana ao Toamasina miampy ny saran-dalana mitondra izany eto Antananarivo no vidin'entana eto Antananarivo. Tsy izany anefa no mitranga any amin'ny faritany hafa, fa lafo loatra.

Manarak'izay, maro tamin'ireo mpivarotra ao Toliara no nitaraina fa misy tomponandraikitra ao amin'ny renivohi-paritany ao Toliara no mampiasa ny fahefana ananany mba hampiakatra ny vidim-bary any an-toerana.

Nisy fotoana efa nalefa tao amin'ny tambazotran-tserasera izany mba hampitahorana io olona voakasika io sy mba hahitan'ny tomponandraikitra izany. Toa tsy nampiova ny toetrany sy ny fombany ary tsy nisy tohiny intsony izany taty aoriana. Izay no nahatonga ny fananganana izao "commission d'enquête" izao.

Tsara ho fantatry ny rehetra koa, fa afaka manao izany "enquête" izany avokoa ny Solombavambahoaka any amin'ny Distrika misy azy mba ahafahana manara-maso ny vidim-bary sy ahafahana manome "recommandation" ho an'ny Governemanta.

Nambarany fa samy manana ny fadintseranany ny Faritany eto Madagasikara, ka tokony samy hiainga ao avokoa ny anjaran'ny Faritra rehetra mba hampitovitovy ny vidin'entana sy ahazoana ny vidin'entana ara-drariny.

Nilaza ihany koa ny tenany, fa misy mpamongady mividy vary amin'ny vidiny mora ao Toliara, ka tazoniny ao aminy avokoa ny vary ary rehefa miakatra ny vidiny vao avoakany ary amidiny amin'ny vidiny lafo. Ny zavatra toy izany no ilana "enquête parlementaire".

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba hankatoa ity Tolo-pehinkevitra ity no namaranan'Andriamatoa IDEALSON ny fitenenany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa IDEALSON, Ramatoa Filoha, tamin'ny famelabelarana narosony; nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ary nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Nanambara Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, fa manerana an'i Madagasikara ny fiakaran'ny vidin'entana, ka tokony hatao manerana an'i Madagasikara koa ny fanaovana "commission d'enquête" fa tsy any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana ihany.

Fangatahana ny hanaovana “commission d’enquête” isam-paritra no nambaran’Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène, raha nandray fitenenana ny tenany, fa mitovy daholo ny olan’ny Solombavambahoaka amin’izao fotoana izao.

Nilaza Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, fa hananosarotra ny fahazoana “résultat concret” raha ho an’i Madagasikara iray manontolo ity “commission” hatsangana ity. Noho izany, tokony hanangana “commission d’enquête” manokana koa ireo Faritra izay manana hetaheta momba izany.

Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine kosa nilaza, fa lafo loatra ny saran’ny fitanterana entana amin’izao fotoana izao noho ny faharatsian’ny lalana. Nangataka ny hijerena manokana ireo nosy kely, toy ny any Nosy-Be sy Sainte Marie koa ny tenany satria lafo loatra ny vidin’entana amin’ireo toerana ireo.

Nangataka ny hanaovana ny “commission d’enquête” hanerana an’i Madagasikara, Andriamatoa DJAOSERA Irénée, raha nandray fitenenana satria hanome voninahitra ny Antenimierampirenena ny fanaovana izany.

Andriamatoa ROCHELIN Houssen kosa rehefa nandray fitenenana dia nangataka ny hametrahana filoha isam-paritra amin’ity “commission d’enquête” ity, mba ahafahana manatanteraka tsara ny asa tokony hatao.

Nanambara kosa Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa mbola sarotra ny hanao “commission d’enquête” manerana an’i Madagasikara noho ny antony ara-bola sy ny fahamaroan’ny fanadihadiana atao amin’izao fotoana izao. Noho izany, ny Solombavambahoaka tsirairay no tokony hanao tatitra ao amin’ity “commission” hatsangana ity sy any amin’ny Minisitara, ka miankina amin’izany ny hanaovana fidinana ifotony na tsia.

Nangataka ny hananganana ity “commission d’enquête” ity, Andriamatoa IDEALSON, ary nilaza fa ny Solombavambahoaka tsirairay dia afaka manao tatitra ao amin’io “commission” hatsangana io mba hahasahana an’i Madagasikara ny asa hatao.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges, nilaza fa tsy tokony ho sarotra ny fananganana ity “commission d’enquête” ity satria efa samy ahitana Solombavambahoaka avokoa ny Faritra rehetra eto amintsika, ka anjarany no hiditra na tsia amin’io “commission” io.

Ramatoa BAOFENO Micheline kosa nanambara, fa fohy ezaka ihany ny fananganana ity “commission” ity satria eo amin’ny lafiny fitaterana no tena mahatonga ny fiakaran’ny vidin’entana amin’izao fotoana izao. Noho izany, ny fanamboaran-dalana aloha no tokony hatao mba hampidina ny saran-dalana sy hampidina ny vidin’entana.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice kosa naneho fankasitrahana amin’ny fananganana ity “commission d’enquête” ity manerana an’i Madagasikara satria maro ny mpandraharaha manararaotra mampiakatra vidin’entana.

Ho an'Andriamatoa SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph kosa, nambarany fa tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fananganana ny "commission d'enquête" ny Solombavambahoaka satria mitovy avokoa ny hevitra nambara hatramin'izao.

Ramatoa VOAHINGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette indray nilaza fa ny fiakaran'ny vidin'entana matetika no mampiato ny fanaovana fotodrafitrasa amin'izao fotoana izao. Noho izany, nangataka ny hanaovana "commission d'enquête" manerana an'i Madagasikara koa ny tenany.

Nanontany ny entana sokajiana ho PPN ka hanaovana fanadihadiana, Andriamatoa FIENENA RiCHARD désiré, raha nandray fitenenana.

Nanambara Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tokony hampahafantarina ny Minisitera voakasika ny tatitra hataon'ny Solombavambahoaka, fa tsy voatery hiandry ny fananganana "commission d'enquête".

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta.

Nambaran'Andriamatoa RAMANANARIVO Heriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Industria sy ny Varotra ary ny Fanjifana, fa tsy mametraka olana ny hananganana "commission d'enquête" hiasa manerana an'i Madagasikara ary vonona ny hiara-hiasa amin'ny Solombavambahoaka ihany koa ny teknisian'ny Minisitera.

Nambarany koa, fa na mbola tsy vita aza ny "enquête parlementaire", afaka mandray andraikitra avy hatrany ny Minisitera raha misy tatitra na sosokevitra avy amin'ny Solombavambahoaka.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha dia nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra.

Nilaza Andriamatoa IDEALSON, fa tsy mametraka olana amin'ny hananganana "commission d'enquête parlementaire" hiasa manerana an'i Madagasikara satria hahasoa ny vahoaka Malagasy izany ary izy rahateo dia Solombavambahoakan'i Madagasikara hiasa ho an'ny vahoaka.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny mikasika ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Nomarihany fa mila amboarina ny "dispositif" ao anatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity araka ny fangatahan'ny Solombavambahoaka teo, ka hosoloina "sur tout le territoire de Madagascar" ny teny hoe "Sud-ouest".

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny fanovàna ny "dispositif" tamin'ny Tolo-pehin-kevitra teo.

Nomarihany koa, fa misy fanovàna noho izany ny Famelabelarana ny antonantony, ka handraisana fanapahan-kevitra izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony nasiam-panovàna.

Taorian'ny fandaniahana ny isan'andiny, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory, ka ny andiny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-008-2021/PR “portant création d’une commission d’enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction sur tout le territoire de Madagascar”, natolotry ny Solombavambahoaka IDEALSON, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana sy ireo namany.

Taorian'ny fandaniahana, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra.

Fisaorana noho ny fahalanian'ny Tolo-pehin-kevitra no nataon'Adriamatoa IDEALSON raha nandray fitenenana. Nambarany koa fa mbola tsy very ny fitiavan-tanindrazana raha ny adihevitra teo no jerena.

Taorian'izay, nampahatsiahy, Ramatoa Filoha, fa ny andiny faha-178 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fananganana ny “commission d’enquête parlementaire”, ka nangataka ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera rehetra ny tenany mba hanatitra ny lisitry ny Solombavambahoaka handrafitra ny Vaomiera ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Nambarany koa fa ny Vondrona Parlemantera IRD dia manana toerana miisa 10 ao amin'io Vaomiera vao hatsangana io. Miisa 2 ny an'ny Vondrona Parlemantera TIM ary miisa 2 ihany koa ny an'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Miankina amin'ny fanapahan-kevitra ny fivoriambe kosa ny hanomezana toerana iray na tsia ny Solombavambahoaka «non affilié», ka handraisana fanapahan-kevitra koa izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 45 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa omena toerana iray ao amin'ny Vaomiera vao hatsangana ny Solombavambahoaka «non affilié».

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka maromaro nanao satroka ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana.

Nangataka ny hanomezana toerana miisa 3 ho an'ny Vondrona Parlemantera GPR, Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe raha nomena fitenenana.

Novalian-dRamatoa Filoha, fa ny lalàna ihany no tsy maintsy arahana.

Andriamatoa FIENENA Richard Désiré kosa nangataka ny hanaovana «commission d'enquête provinciale» amin'izay mba maro ny Solombavambahoaka afaka mandray anjara amin'ny fanadihadiana hatao.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa miisa 15 ihany ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera mpanao fanadihadiana iray araka ny voalazan'ny andininy faha-178 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Nanambara Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, fa asa goavana ny miandry ireo olona handrafitra io Vaomiera vao hatsangana io, ka izay tena sahy no tokony hiditra ao aminy.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa Solombavambahoaka sahy avokoa ny ato amin'ny Antenimierampirenena.

Nanentana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ihany koa ny tenany mba hanatitra ny lisitr'ireo ho mpikambana ao amin'io Vaomiera vaovao io any amin'Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa DJAOSERA Irénée kosa nanambara, fa efa nisy fifampiresahana tamin'ny Solombavambahoka sy ny Minisiteran'ny Varotra momba ny resaka lavanila. Naato anefa izany noho ny antony maro ary nampanantena ny Minisitera fa mbola hotohizana ny fifampiresahana. Rahoviana indray no hanohizana izany fihaonana izany.

Namaly Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Industria sy ny Varotra ary ny Fanjifana, fa miandry ny antso avy amin'ny Solombavambahoaka fotsiny ny Minisitera araka ny nifanarahana tamin'ny fihaonana farany ary tohizana indray ny fifampiresahana mikasika ny olana momba ny lavanila.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nomen-dRamatoa Filoha, alalana handeha ny teknisiana avy amin'ny Minisitera ary nambarany fa hiditra amin'ny lahadinika manaraka ny mpivory izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-019/2021 mikasika ny trano fonenana eto Madagasikara.

Niato tamin'ny 6 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona